Ahitsio ny filaharanareo, fa ny fahitsian'ny filaharana anisan'ny mahatomombana ny fivavahana Swalat

Tatitra azo avy tamin'i Anas Ibn Malik (R.A), Niteny i Mpaminany (S.W.A) manao hoe : "Ahitsio ny filaharanareo, fa ny fahitsian'ny filaharana anisan'ny mahatomombana ny fivavahana Swalat."

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nandidy ireo mpivavaka ny Mpaminany (S.A.W) mba hanitsy ny filaharan’izy ireo, ary tsy hialoha na hihemotra, ary ny fanitsiana azy ireo dia anisan’ny mahatomombana ny fanompoam_pivavahana sy ny fahalavorariany, ary ny tsy fahitsian'ny filaharana kosa dia fahadisoana na tsy fahampiana ao aminy.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3031